



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitivana · Tanindrazana · Fandroscena

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-101

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA:
- laharana faha-013/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 « autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Programme d'Appui en Réponse à la Covid-19, conclu le 07 Août 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition BAD/FAT) »;
- laharana faha-014/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 « autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement additionnel de l'Opération d'appui budgétaire en gestion des risques de catastrophes avec option de tirage différé (CAT DDO), signé le 06 Août 2020 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD) et son avenant n°1 en date du 29 Septembre 2020 ».

Fivoriana faha-15
Natao ny
Alakamisy 3 Desambra 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany: - HENRI Jean Michel
- RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Alakamisy 3 Desambra 2020 tamin'ny 12 ora, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna:

- laharana faha-013/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 « autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Programme d'Appui en Réponse à la Covid-19, conclu le 07 Août 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition BAD/FAT) »;

- laharana faha-014/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 « autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement additionnel de l'Opération d'appui budgétaire en gestion des risques de catastrophes avec option de tirage différé (CAT DDO), signé le 06 Août 2020 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD) et son avenant n°1 en date du 29 Septembre 2020 ».

Nitohy ny Alakamisy 3 Desambra 2020 tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta ary ny teknisiana niaraka taminy, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa HENRI Jean Michel, Kestora Voalohan'ny Antenimierampirenena, toy ny mahazatra, niangaviany ny Solombavambahoaka tonga nivory mba hanonona ny anarana sy ny laharany avy.

Nisaotra azy tamin'ny nanatontosany izany, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nanambara fa ny fivoriambe hotanterahana androany dia handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 sy ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 araka ny voalazan'ny fandaharam-potoana eo ambony.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2020.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, Mpampakateny Lefitry ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata 1 Desambra 2020 tamin'ny 9 ora sy 30 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme d'Appui en Réponse à la Covid-19, conclu le 07 Août 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition BAD/FAT) ».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomiera no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- RAFIDIMANANA Narson
- 3- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 4- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- 5- TSARADIA Marco
- 6- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
- 7- RAKOTOARISOA Johnny
- 8- FIENENA Richard

Tonga nisolotena ny Governemanta ireto teknisiana manaraka ireto,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|--------------------------------|--------------------|
| 1- RANDRIANJANAKA Volatantely | DDP/MEF |
| 2- RAJAONARIVELO Henri | BFM |
| 3- RANDRIANARIVELO Bakoly | MEF/SG |
| 4- MIANDRARINJATO Robinson | DDP/MEF |
| 5- RASOANAIVO Andrianina Nancy | Resp. Secteur/ MEF |
| 6- RAKOTOVAO Ralambo Aina | MEF (responsable) |
| 7- ANDRIAMANALINARIVO Rolland | CPGU |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia niangavy ny teknisiana mba hanazava ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa ity volavolan-dalàna ity dia fanampiana ara-bola avy any amin'ny BAD izay mitentina 42 000 000 Dolara Amerikana izay haverina ao anatin'ny 40 taona, ka ny 10 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ny « commission d'engagement » isan-taona dia 0,50% amin'ny vola tsy mbola noraizina ary ny « commission de service » dia 0,75% isan-taona amin'ny vola voaray sy tsy mbola naverina. Ny daty fiafaran'ny tetikasa dia ny 31 Jolay 2021.

Nisy ny fepetra nifanarahana teo amin'ny mpiara-miombon'antoka sy ny Fitondrampanjakana Malagasy momba ny fampiasana ny vola, ka ny tanjona amin'izany dia ny hanatsarana ny lafiny ara-pahasalamana, hanampiana ny mponina marefo, hanohanana sy hanatsarana ny famokarana eo amin'ny sehatra tsy miankina.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory ka toy izao izany:

- 1- Efa azo ve io vola fanampiana io?
- 2- Ahoana no fomba hanampiana ireo sehatra tsy miankina?

Ireo valim-panontaniana nomen'ny teknisiana:

- 1- Tsy mbola voaray io vola io fa miandry ny fankatoavana avy amin'ny Parlemanta sy ireo dingana tsy maintsy arahana momba ny findramam-bola;
- 2- Momba ny hanampiana ny sehatra tsy miankina dia kendrena manokana ny sehatry ny fizahantany sy ny fitaterana; misy koa ny fampihenana ny hetra sy fanampiana ara-bola ho an'ny fitaterana an'habakabaka; ohatra, ny Kaompania TSARADIA.

Nisy fanamarihana vitsivitsy ihany koa napetrak'ireo Solombavambahoaka ka toy izao izany:

- Tokony hisy fiaraha-miasa matotra eo anivon'ny Solombavambahoaka sy ny teknisiana;
- Tsy tokony hidiran'ny fanapahan-kevitra politika ny fanomezana fanampiana ara-tsosialy, fa ireo mponina izay tena marefo no tokony hisitraka izany.

Nohamafisin'ny teknisiana fa ity findramam-bola ity dia fitohizan'ny asa efa natomboka teo aloha. Tsy mamatsy vola mivantana ny Banky Foibe fa manamora sy manalefaka ny tahan'ny zanabola izay tokony haverina.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nankatoavin'ny Vaomiera ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme d'Appui en Réponse à la Covid-19, conclu le 07 août 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition BAD/FAT) », ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiana ny tatitra, Ramatoa Filoha dia nanambara, fa hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana momba izany ny mpivory.

Rehefa izany, nitondra fanitsiana ny solotenan'ny Governemanta.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitondra fanitsiana ao amin'ny pejy faha-2, andalana voalohany, manao hoe: ny 10 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Izany hoe ampiana voalohany aorian'ny 10 taona.

Amin'ny pejy voalohany ihany, tamin'ireo teknisiana nisilotena ny Governemanta, tonga nanatrika ny asam-baomiera ny Kolonely ANDRIAMANALINARIVO Rolland, teknisiana avy ao amin'ny CPGU, ka tokony hampidirina ny anarany.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena kosa nanamarika, ao amin'ny pejy voalohany hatrany, amin'ny olona tonga nisilotena ny Governemanta, eo amin'ny laharana faha-6, Andriamatoa RAKOTOVAO Ralambo Aina, misy hoe MEF. Inona no dikan'ny MEF, Minisitra ve sa Minisitera. Mila amboarina io teny io, ka tokony hatao hoe "Responsible" ao amin'ny Minisitera na teknisiana.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas kosa nanambara, fa eo amin'ny pejy voalohany io koa, amin'ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana, ampiana hoe: Jean ny anarany. Izany hoe RANDRIANASOLO Jean Nicolas.

Taorian'ny fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hamelabelatra ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, raha nandray fitenenana dia nisaotra an-dRamatoa Filoha sy ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana ary nitondra fanazavana toy izao manaraka izao:

Tafiditra amin'ny ady atao amin'ny valan'aretina "Covid-19" ity volavolan-dalàna ity ary efa voadinika tany amin'ny asam-baomiera ny fandaminana noraisin'ny Governemanta amin'ny fiatrehana izany. Niaraka nandinika ny fandanim-bola momba ny ady atao amin'ny valan'aretina ny Governemanta sy ny Banky Iraisam-pirenena.

Mitohy hatrany ny ady atao amin'izao fotoana izao satria mbola misy fisalasalana amin'ny mety hiparitahan'ny valan'aretina indray.

Fifanarahana natao teo amin'ny "Banque Africaine de Développement" na ny BAD sy ny fitondram-panjakana malagasy ity volavolan-dalàna ity ary marihana, fa fanampin'ny vola azo teo aloha ihany koa. Tamin'ny enim-bolana faharoa no nahazoantsika azy, ka izay no mahatonga ny fanolorana ny fankatoavana azy eto amin'ny Antenimierampirenena amin'izao fivoriana ara-potoana faharoa izao.

"Appui budgétaire" ity fanampim-bola azontsika ity araka ny voalaza ao amin'ny votoatin'ny fifanarahana. "Concessionnel" ihany koa ary 10 taona no "période de grâce" na ny fotoana tsy andoavana renivola.

Talohan'ny nanolorana azy teto amin'ny Antenimierampirenena dia nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny 15 Oktobra 2020 ity fifanarahana ity.

Tafiditra amin'ny paikady momba ny "Plan Multisectoriel d'Urgence" na PMDU amin'ny ezaka atao amin'ny fitantanana ny volam-panjakana ampiharintsika amin'izao fotoana izao koa ny volavolan-dalàna aroso eto.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Minisitra ny teknisiana avy amin'ny CPGU ny fitenenana, mba hitondrany fanazavana fanampiny mikasika ny volavolan-dalàna.

Andriamatoa RAZAKANAIVO Mamy, Sekretera Mpanatanteraka eo anivon'ny CPGU avy ao amin'ny fiadidiana ny Primatiora kosa nanazava, fa raha ny resaka teknika no jerena dia noraisina ho “document de base” ny PMDU ary ahitana lafiny telo izany.

Voalohany, ny famongorana ny valan'aretina “Covid-19”; mitohy ary hamafisina ny hetsika momba ny fahasalamana, atao ny fanentanana na ny “sensibilisation” ho an'ny vahoaka ary arahana ny fepetra ara-pahasalamana na ny “mesure barrière” hatramin'izay.

Faharoa, momba ny “volet social” na ny ara-tsosialy, atao ny fanampiana ny vahoaka amin'ny lafiny maro.

Fahatelo, efa miroso amin'ny “relance économique” isika amin'izao. Izany hoe, taorian'ny fihibohana dia miditra amin'ny fanarenana ny toekarena isika. Anisan'izany, ny fanampiana ny Kompania TSARADIA, ny fanofanana ny sehatra tsy miankina, ny fanampiana ny tetikasa FIHARIANA sns...

Napetraka ihany koa ny « Comité de pilotage »-n'ny PMDU mba ahafahana manatsara ny “intervention” rehetra tokony hatao.

Ankoatran'izay, hojerena ny laharam-pahamehana hafa mba ahafahana mampiasa ireo vola ireo ho an'ny mpiara-belona amintsika.

Rehefa izany, nisaotra ny solotenan'ny Governemanta tamin'ny fanampim-panazavana nomen'izy ireo, Ramatoa Filoha ary nanambara fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nilaza Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, fa efa telo andro misesy no nandinihana ity volavolan-dalàna ity tany amin'ny asam-baomiera; koa mangataka mba tsy hasiana adihevitra be loatra fa aleo laniana avy hatrany.

Fantatra fa mitarika fahasahiranam-bahoaka ny fisamboram-bola hoy Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges raha nomena fitenenana. Marary izahay any ambanivohitra satria na voan'akotry iray aza tsy nahazo tamin'ny fanampiana voalaza homena ny vahoaka akory.

Izahay no miantoka ny Zandary any aminay ary Kaominina miisa 33 no nomeko fanampiana tamin'izany, hoy hatrany izy. Voalaza fa resy ny aretina; misy ny fanampiana tonga kanefa tsy hita izay nampiasana azy, tsy fantatra hoe nankaiza. Raha ny hita tao amin'ny BNGRC, vary amin'ny taonina no tsy fantatra izay nalehany.

Hampidi-doza ny Malagasy ity fifanarahana ity satria Solombavambahoaka miisa 18 fotsiny no handany azy. Voalaza fa tsy misy intsony ny aretina, ka inona no mbola isamborana vola indray, hoy izy, namarana ny teniny.

Andriamatoa DJAOSERA Irenée kosa nanamarika fa mazava ny tenin'Andriamatoa Minisitra teo.

Voalohany, ny PMDU no nanaovana ity volavolan-dalàna ity ary fanampiana amin'ny famongorana ny valan'aretina "Covid-19" no antony. Noho izany, tsy tokony hatao tsinontsinona satria aina no lalaovina.

Faharoa, Malagasy mitovy amintsika ireo olona marefo ireo, ka mila fanampiana avy amin'ny fitondram-panjakana.

Fahatelo, ilaina ny "relance économique" amin'izao vanim-potoana izao mba ahafahana mandroso bebe kokoa.

"Appui budgétaire" ity fifanarahana ity araka ny voalaza teo ary efa lany teto amin'ny Antenimierampirenena koa ny "Loi de Finances Initiale" koa inona no tsy handaniana azy satria hanavotra firenena ity "appui budgétaire" ho azo ity. Izany hoe, hanampy ny efa ananantsika. Noho izany, tokony hatao ny tsangan-tànana handaniana azy.

Nanamarika Andriamatoa RAMBOASALAMA Emilien, fa ao anaty fahasahiranana ny firenena. Tsy maintsy 50% ve ny "commission d'engagement" ampiarina amin'ity fifanarahana ity sa tian-kano tsy tian-kano no antony androsoana azy eto.

Andriamatoa NICOLAS Stephan Alphonse kosa nanambara, fa tsy miantefa mivantana any ambanivohitra ny findramam-bola tahaka izao, ka mila jerena izay lafiny izay.

Ny fahatarana tamin'ny fanidiana ny sisin-tany koa no antony nahatonga ny aretina teto amintsika ary mbola tsy vita ny ady hatramin'izao. Sahirana ny toekarena, raha hidiana ny sisin-tany kanefa eo anatrehan'izay, manaja ny asan'ny namana mpikambana ao amin'ny Vaomiera izahay. Noho izany, manentana ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna.

Nanamarika Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, fa mpanao lalàna ny Antenimierampirenena; koa aleo ho betsaka ny Solombavambahoaka handany ny lalàna vao laniana izy ity satria vitsy loatra ny isantsika ankehitriny.

Misaotra ny Vaomiera nandany fotoana tamin'ny fandinihana ny volavolan-dalàna kanefa mangataka fanemorana amin'ny fotoana izay mahabetsaka ny Solombavambahoaka amin'ny handaniana azy.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka nanao satroka, ka nomena fitenenana.

Nambaran'Andriamatoa DJAOSERA Irenée, fa manana ny Fitsipika Anaty mifehy azy ny Solombavambahoaka. Koa arak'izany, misy ny fomba fandaniana ny lalàna izay aroso eto. Aoka mba tsy hosaziana izay tonga ary tsy kilalao ity volavolan-dalàna momba ny fifanarahana ity, fa aim-pirenena no mbanjinina; noho izany aleo laniana satria tombotsoan'ny rehetra.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas dia nanamarika fa rehefa misy ny asam-baomiera, tokony hanatrika izany ny Solombavambahoaka mpikambana ao aminy.

Araka ny voalaza teo aloha, aleo atao ny tsangan-tànana satria efa nodinihana tany amin'ny asam-baomiera ity volavolan-dalàna ity.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa Minisitra hamaliany ny fanontanian'ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola indray raha namaly ny fanontaniana hoe: tsy maintsy 50% ve ny "commission d'engagement" amin'ity findramam-bola ity; nambarany fa "concessionnel" tanteraka ny "appui budgétaire" ho azontsika amin'ity fifanarahana ity. Azo atao anefa ny tsy mindram-bola saingy mila jerena ny vokatr'izany eo amin'ny fiainam-pirenena.

Nisy tokoa ny hetra tsy tafiditra tamin'ny kitapom-bolam-panjakana, kanefa raha ity findramam-bola ity dia hiditra tanteraka amin'ny kitapom-bolam-panjakana amin'ny maha "appui budgétaire" azy. Ankoatran'izay, mbola ahafahana miatrika fandanium-bola hafa ihany koa izy.

Teo ampanaovana ity fifanarahana ity, matoky ny tenantsika isika satria asa tsy maintsy atrehana izany.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitra tamin'ny valin-teny nomeny, Ramatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-13/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity. Nohamafisiny fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena toy izao dia tsy azo kitihana ny andininy ao amin'ny volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniazany azy.

Nambarany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 16 no nandany; tsy nisy nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny; Solombavambahoaka miisa 2 no nilaza fanemorana.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 « autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Programme d'Appui en Réponse à la Covid-19, conclu le 07 Août 2020 entre la République de Madagascar et le Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition BAD/FAT) ».

Torian'ny fahalianan'ny volavolan-dalàna, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ka fankasitrahana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana ny lalàna no nasetriny an'izany.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 « autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement additionnel de l'Opération d'Appui budgétaire en gestion des risques de catastrophes avec option de tirage différé (CAT DDO), signé le 06 Août 2020 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD) et son avenant n°1 en date du 29 Septembre 2020 » ny mpivory.

Avy hatrany dia niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2020.

Mbola Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, Mpampakateny Lefitry ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola hatrany no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Talata 1 Desambra 2020 tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-014/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel de l'Opération d'appui budgétaire en gestion des risques de catastrophes avec option de tirage différé (CAT DDO), signé le 06 août 2020 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD) et son avenant n°1 en date du 29 septembre 2020 ».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomiera, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana, Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- RAFIDIMANANA Narson
- 3- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 4- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- 5- TSARADIA Marco
- 6- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
- 7- RAKOTOARISOA Johny
- 8- FIENENA Richard

Tonga nislotena ny Governemanta ireto teknisiana manaraka ireto, Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|--------------------------------|-------------------|
| 1- RANDRIANJANAKA Volatantely | DDP/MEF |
| 2- RAJAONARIVELO Henri | BFM |
| 3- RANDRIANARIVELO Bakoly | MEF/SG |
| 4- MIANDRARINJATO Robinson | DDP/MEF |
| 5- RASOANAIVO Andrianina Nancy | Resp. Secteur/MEF |

6- RAKOTOVAO Ralambo Aina	MEF (Responsable)
7- ANDRIAMANALINARIVO Rolland	CPGU

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia niangavy ny teknisiana mba hanazava ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa ity volavolan-dalàna ity dia fanampiana ara-bola avy any amin'ny AFD izay mitentina 15 000 000 EUROS na 67 239 900 000 MGA izay haverina ao anatin'ny 25 taona, ka ny 6 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ny tahan'ny zanabola dia 0%.

Nisy ny fepetra nifanarahana teo amin'ny mpiara-miombon'antoka sy ny Fitondrampanjakana Malagasy momba ny fampiasana ny vola, ka ny tanjona amin'izany dia ny fametrahana ny « Plan Multisectoriel d'Urgence » sy ny fampiasana amin'ny fomba mangarahara ny vola fanampiana. Ao anatin'ny tetibolan'ny PMDU dia misy ny anjaran'ny Fanjakana izay efa nanatontosana ireo tetikasa efa natao. Tsy ampy anefa izany, ka nisy ny fanomezana sy fampindramam-bola avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka hamenoana izany mba hitohizan'ny asa.

Eo amin'ny fangaraharan'ny fampiasana ny vola dia misy ireo mpanara-maso izany toy ny CSI, ny Fiaraha-monim-pirenena, ny solotenan'ireo mpiara-miombon'antoka izay mampahafantatra ny tatitra ara-bola isam-bolana.

Ny Banky Foibe dia tsy mamatsy ara-bola mivantana, fa manamora kosa ny tahan'ny zanabola mba ho fitsinjovana ny PME.

Nomarihan'ny teknisiana fa ity volavolan-dalàna ity dia tosika ara-bola ho fanampiana ny tetibolam-panjakana.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory, ka toy izao izany:

- 1- Ahoana ny fomba amaritana sy ifidianana ireo mponina marefo?
- 2- Efa azo ve io vola fanampiana io?

Toy izao ny valim-panontaniana nomen'ny teknisiana:

- 1- Maromaro ny fepetra ifidianana ny mponina marefo misitraka ny fanampiana saingy ny Fanjakana no mandray ny fanapahan-kevitra; misy koa ireo "bénéficiaires indirects", fa tsy voatery hahazo vola mivantana;
- 2- Tsy mbola azo io vola io fa mbola miandry ny fankatoavan'ny Parlemanta sy ny fanatanterahana ireo dingana ilaina eo amin'ny lafiny fampisamboram-bola.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany dia nankatoavin'ny Vaomiera ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel de l'Opération d'appui budgétaire en gestion des risques de catastrophes avec option de tirage différé (CAT DDO), signé le 06 août 2020 entre la

République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD) et son avenant n°1 en date du 29 septembre 2020 », ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha dia niroso tamin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory.

Tsy nisy fanamarihana na fanitsiana avy tamin'ny Solombavambahoaka.

Toy izao kosa ny fanitsiana avy tamin'ny solotenan'ny Governemanta nentin'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Ao amin'ny pejy voalohany, andalana farany: "15 000 000 Euros" na 67 239 900 000 MGA, fa tsy 67 239 9000 MGA. Izany hoe miampy aotra roa eo amin'ny faran'ny tarehimarika amin'ny teny Malagasy.

Ao amin'ny pejy faha-2, andalana voalohany, ampiana hoe: voalohany, lasa hoe: ka ny 6 taona voalohany tsy andoavana renivola.

Ao amin'ny pejy voalohany ihany; tamin'ireo teknisiana nisilotena ny Governemanta, tonga nanatrika ny asam-baomiera ny Kolonely ANDRIAMANALINARIVO Rolland, teknisiana avy ao amin'ny CPGU, ka tokony hampidirina ny anarany.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa Minisitry hitondra fanazavana mikasika ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Fisaorana no natolotr'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-dRamatoa Filoha rehefa izany ary toy izao no fanazavana fohy nentiny: tsy iverenana intsony ny "contexte" misy an'i Madagasikara amin'izao fotoana izao satria efa samy mahalala izany isika rehetra.

Efa nahazo ny fankatoavan'ny Banky Iraisam-pirenena i Madagasikara tamin'ny volana Desambra 2019 mikasika ny CAT DDO momba ireo zavatra azo andrasana amin'ny Banky Iraisam-pirenena raha sanatria misy voina mitranga.

Amin'izao fotoana izao, mbola miatrika ny ady atao amin'ny valan'aretina "Covid-19" isika ary misy koa eto amintsika voina hafa ankoatr'izany, ka izay no antony anaovana ny fifanarahana.

Nahafeno ny antontan-taratasy takiana mikasika ny CAT DDO i Madagasikara ary nahavita ny fifanarahana koa isika momba ny fahazoana azy. Noho izany, voninahitry ny firenena ny nahafenoana izany ka nahafahana nanao izao fifanarahana izao sy nahazoana azy satria nisy firenena tsy nahazo fanampiana tamin'ny alalan'ny CAT DDO mihitsy noho ny tsy fahafenoany ny fepetra takiana ho amin'izany.

Araka ny voalaza teo aloha, mbola “appui budgétaire” ihany koa izy ity. Azontsika natao ny tsy nangataka kanefa hosahirana isika raha tsy nanao an’izay. Fanampian’ny vola efa azontsika tamin’ny Banky Iraisam-pirenena ity famatsiam-bola ity. Ny Frantsay amin’ny alalan’ny “Agence Française de Développement (AFD) no manampy antsika, ka “15 Millions d’Euros” no ho azo ary hitantsika ao amin’ny tatitra ireo fepetra samihafa mikasika ny fampiasana ny vola. “Concessionnel” izy ity ary tsy misy zanabola aloa.

Aminay, zava-dehibe ny hirosoana amin’ity fandaniana ity famatsiam-bola avy amin’ny AFD ity mba ho fanampiana ny vola efa azontsika teo aloha.

Raha ny vaovao azo, mbola miandry ny Banky Iraisam-pirenena ny AFD vao afaka manao “décaissement”; lafiny hafa iny saingy tsara ho fantatra ihany ny mikasika an’izay.

Ny angatahana aminareo Solombavambahoaka dia ny hankataovanareo azy mba ahafahantsika miroso amin’ny asa fampandrosoana tokony hatao.

Andriamatoa RAZAKANAIVO Mamy, Sekretera Mpanatanteraka eo anivon’ny CPGU kosa, nanazava fa ny “mécanisme” CAT DDO dia “mécanisme de protection financière” iray entina miatrika ny voina lehibe, toy ny “Covid-19”, ny rivodoza nahazo antsika tamin’ny fiatombohan’ny taona 2020 teo, ny kere any Atsimo sy ny hafa ankoatran’ireo.

Mbola firenena marefo isika kanefa voafidy ka nahazo ny CAT DDO ihany, tsy toy ny firenena hafa nangataka izany anefa tsy nahafeno fepetra.

Ny mampiavaka ny fifanarahana koa dia “conditionner” amin’ny “déclaration de sinistre”. Izany hoe, rehefa tafiditra ao anatin’ny loza isika dia manao fangatahana mba hahazoana fanampiana. «Fonds spécifique» ho an’ny «catastrophe» izany izy ity. Somary mandray roa koa ny fifanarahana satria rehefa misy “évènement” lehibe mitranga amin’ny loza, afaka mampiasa ity vola ity isika. Ny «Covid-19» izay azo lazaina ho “évènement” lehibe manerantany dia miteraka fahavoazana ho an’ny firenena rehetra; eo anatrehan’izany, azo ampiasaina amin’izay lafiny izay ity vola ity. Rehefa mitranga ny loza goavana, ka lasa mareforefo ny fananantsika tetibola, mbola azontsika ampiasaina ihany koa io vola io.

Ankoatr’izay, araka ny voalaza teo, “appui budgétaire” ny vola indramina ary misy ampahany azo ampiasaina rehefa misy hamehana na “priorité” eo anivon’ny Governemanta. Izany hoe, hanampy antsika amin’izay manahirana antsika ny fampiasana ny vola ho azontsika.

Rehefa izany, nisaotra ny solotenan’ny Governemanta tamin’ny famelabelarana nataony momba ny volavolan-dalàna, Ramatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin’ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, nanamarika fa ny tranga misy amin’izao fotoana izao dia “catastrophe naturelle”; raha misy haitrano mitranga, azo atao ve ny mangataka an’io vola io. Inona koa ireo zavatra hafa azo anaovana fangatahana aminy.

Andriamatoa RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona kosa nanambara, fa mazava ny votoatin’ny volavolan-dalàna teo, saingy eo amin’ny lafiny fangaraharaha no tokony hohatsaraina kokoa satria tsy «accessible» ho an’ny daholobe ny tetibola sy ny fampiasana

azy. Noho izany, takiana ny famaritana ny laharam-pahamehana amin'ny zavatra rehetra ataon'ny Governemanta mba ahafantarana ny zava-misy.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola hamaliany ny fanontaniana avy amin'ny Solombavambahoaka.

Novaliany fa samy tompon'io vola io isika rehetra na ny mpindram-bola izany na ny olon-tsotra koa aza.

Rehefa misy fanambarana voina mahazo ny firenena iray, afaka mampiasa io "instrument" io isika satria tsy ho zakan'ny tetibolantsika ny fiatrehana voina lehibe anankiray.

Raha momba ny hoe: misy trano iray may, sarotsarotra ny hanatanterahana ny hampiasana ny vola avy amin'ity fifanarahana ity amin'izany. Raha tanàna na Distrika iray manontolo kosa no iharan'izay, mila fandinihana eo anivon'ny Governemanta ny mikasika izany mba ahafahana manapakevitra amin'ny tokony hampiasana io vola io.

Momba ny fangaraharana: tamin'izao Governemanta izao aho vao nanao Minisitra ary tamin'ity fitondran'ny Filoha Andry RAJOELINA ity vao miditra amin'ny hoe mangarahara isika, fa tsy nisy nanao an'izany ny teo aloha rehetra.

Vao tapa-bolana izay no namoahan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tao amin'ny "site MEF" ny tabilao ahafantarana hoe aiza daholo ny vola azo rehetra. Marihana fa tokony ho voasoratra ao daholo ny vola azo. Raha ny fandanihana kosa, sarotra aminay ny hisikotra ny Minisitara tsirairay hoe aiza sy aiza ny nampiasana ny vola; tamin'ny "Covid-19" ve no nandaniana azy sa tamin'ny Vatsin'Ankohonana na tamin-javatra hafa. Matetika tsy ny lafiny ara-tsosialy no tadiavin'ny olona amin'ny resaka fangaraharana, fa misy zavatra hafa tiany ho fantatra. Izany hoe "contexte" vaovao no iainantsika amin'ny lafiny fiaraha-monina amin'izao fotoana izao.

Ny PMDU dia fantatra fa tokony ho amin'ity taona 2020 ity ihany no hampiasaina na eo aza ny resaka "relance économique" ataontsika araka ny voalaza teo. Tsy maintsy misy ny tatitra atao amin'ny fampiasana ny vola sy ny vola azo tamin'ny PMDU arak'izany.

Raha ny LFI kosa, tsy misy tokony hafenina, fa ho avy eto ny "Cour des Comptes" sy ny "Loi de Règlement"; ny Governemanta koa mbola handalo eto amin'ny Antenimierampirenena amin'izao fivoriana ara-potoana izao, ka hisy ny fotoana tokony hahafahanareo manao tsikera sy hametraka fanontaniana. Hatao ao anatin'ny fangaraharana sy fifampitokisana avokoa izany mba hanatsaran-javatra.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Minisitra, Ramatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2020 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity. Nohamafisiny fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena toy izao dia tsy azo kitihana ny andininy ao amin'ny volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandanihana azy.

Nambarany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 17 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; Solombavambahoaka iray no nilaza fanemorana.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 «autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement additionnel de l'Opération d'Appui budgétaire en gestion des risques de catastrophes avec option de tirage différé (CAT DDO), signé le 06 Août 2020 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD) et son avenant n°1 en date du 29 Septembre 2020».

Taorian'ny fandaniana ny volavolan-dalàna, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana, Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ka fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny nandaniana izany no nataony ary naniry ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Governemanta sy ny Antenimierampirenena hatrany ny tenany.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nambaran-dRamatoa Filoha, fa tonga eto amin'ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de projet d'appui à la gouvernance digitale et aux réformes de l'Etat civil et des identifiants PRODIGY, conclu le 12 Octobre 2020 entre la République de Madagascar et l'IDA". Handraisana fanapahan-kevitra avy eo, fa hatao ny Alatsinainy 7 Desambra 2020 amin'ny 10 ora, maraina ny Asambaomiera ary ny fivoriambe handaniana azy kosa hatao ny Talata 8 Desambra 2020 aorian'ny fandaniana ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2020 mikasika ny "Loi de Règlement pour 2017".

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra ny fampidirana io fandaharam-potoana vaovao io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nanaiky ny fandaharam-potoana naroso; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hampidirina ao anaty fandaharam-potoana ny fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020.

Niato tamin'ny 1 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona